4

# NY TONTOLO IAINANA

RIBA

## TANJONA

Hitia, hikajy ary hiaro ny biby sy ny zavamaniry ary ny tontolo manodidina azy.

## LESONA HOTADIDIANA

Ny atao hoe “ tontolo iainana ” dia ny fitambaran’ny zava-boaary rehetra, ahitana ireo izay manana aina sy ny tsy manana aina ary voaray ao anatin’izany koa ny faritra onenany sy ivelomany. Anisan’izany tontolo iainana izany koa, ny endri-pifandraisana amin’ny samy sokajiny avy, ary fifandrohizan’aina mety hitranga ao amin’io faritra io. Raha fintinina izany ny atao hoe tontolo iainana, dia fitambaran’ny zavatra manana aina toy ny olombelona, ny biby, ny zavamaniry, ny zava-manan’aina tsy hita maso « Micro-organisme », ary ny zavatra tsy manana aina toy ny tany, hazavana ary ny rano. Amin’ny ankapobeny dia mizara roa izy dia ny tontolo iainana an-dranomasina sy ny tontolo iainana an-tanety.

Miisa fito (7) ny singa mandrafitra ny tontolo iainana dia : ny masoandro, ny rivotra, ny rano, ny tany, ny zava-maniry, ny biby ary ny olona.

## Sahanasa 1

- Lahatsoratra

**Ny fahapotehin'ny ala**

Tsikaritra fa ny rivotra an-drenivohitra dia efa simban'ny setroka sy ny entona samihafa. Ny hazo no miantoka ny fanadiovana ny rivotra, nefa indrisy tsy misy firy izany any an-drenivohitra. Noho izany, voatery mivoaka lavitra any ambanivohitra ny olona vao mahazo rivotra madio sy toerana hitsangantsanganana. Tsy ampy koa anefa ny hazo ampiasaina eny ambanivohitra. Manaporofo izany ny manjo ity ankohonana iray ity. Sarotra ho azy ireo ny mahita izay ilainy : ny hazo hanaovana taozavatra, ny ravin-kazo sy ny hodin-kazo, ny vahan-kazo fanao fanafody … , fa ny bozaka sy ny satrana no mameno ny havoana.

Ankoatra izany, kaohin'ny riaka ny nofon-tany ka lavaka sisa mameno ny havoana. Tototry ny antsanga koa ny tanimbary, tsy ampy ny rotsak'orana, hany ka ritra ny rano ary tsy mamokatra intsony ny tany (… ). Manjaka àry ny fahantrana, ny hanoanana sy ny tsy fahampian-tsakafo ary ny aretina. Fa inona marina no nahatonga izany ?

Ny doro tanety no antony voalohany. Heverin'ny sasany mantsy fa manamora ny fambolena sy ny fiompiana izany fomba izany. Tsy tsapany anefa ny voka-dratsin'io fandoroana tanety io : ho ritra ny rano, tsy hamokatra intsony ny tany, ho tonga ny " kere " ary dia maro no harary sy ho faty. Antony faharoa mifandraika amin'izany ny fanaovana ny tavy sy ny fandripahana ny ala. Tsy fantany anefa fa raha tsy misy ny ala miaro ny nofon-tany dia ho lasa karakaina io tany io, ka tsy afaka hamokatra intsony. Ho faty ny biby isan-karazany. Ho simba ny zava-maniry sarobidy, … Tanteraka ilay oha-pitenenana hoe " mandrora miantsilany ". " Izay mandoro tanety sy mandoro ala, mandoro tanindrazana ".

- Toromarika
  - Vakio ny lahatsoratra (manaja ny lantom-peo sy ny mari-piatoana)
  - Raiso an-tsoratra izay voambolana tsy mazava ka hazavao.

……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………

- Fanontaniana
  - Inona ireo antony mahasimba ny tontolo iainana, voalaza ao anaty lahatsoratra?

……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………

  - Inona ireo endrika isehoan'izany fahasimbana izany eo amin'ny tontolo iainana ?

……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………

  - Inona ny vokatr'izany eo amin'ny olombelona ?

……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………

## Sahanasa 2

- Manomeza antony hafa mety mahasimba ny tontolo iainana ary ny voka-dratsy entin'izany eo amin'ny olombelona.

| ANTONY HAFA MAHASIMBA NY TONTOLO IAINANA | VOKA-DRATSY EO AMIN'NY OLOMBELONA |
|---|---|
| …………………………… | ………………….<br>………………….<br>…………………. |
| ……………………………. | ………………….<br>………………….<br>…………………. |
| ……………………………. | ………………….<br>………………….<br>…………………. |

## Sahanasa 3

- Milazà antony sy voka-dratsy ateraky ny fahapotehin'ny ala.

………………………………………………………………………………………………………
………………………………………………………………………………………………………
………………………………………………………………………………………………………

- Manomeza vahaolana mba hampihena ny fahapotehin'ny ala.

………………………………………………………………………………………………………
………………………………………………………………………………………………………
………………………………………………………………………………………………………